
# *ANAO NO NINDRAMIKO*

***Do dia Ab 4/4***

***Henri RATSIMBAZAFY***



## Anao no nindramiko

Ny fiainako manontolo,
Hatramin'ny ela be
Dia narindranao daholo,
Na taiza no naleha
Ka ny hany ho lazaiko,
Ny azoko atao
Dia 'zay takatry ny saiko,
No hisaorako Anao.
***Isan'andininy***

Ny tongotro aman-tanako,
Ny feo ny masoko
'Zay lazaiko hoe fananako,
dia avy Aminao avokoa
Ka n'inon'inona lazaiko
N'inon'inona atao,
Dia tsy vokatry ny saiko
Fa fanomezana avy Aminao.
***Isan'andininy***

'Zay rehetra nomenao ahy,
Na ny saina na ny fo
Na ny tena na ny fanahy,
Hamasino avokoa.
Mba honeno re ny foko,
Tena ho tempolinao
Ary dia Ianao noantsoiko,
N'inon'inona atao.
***Isan'andininy***

Dia iriko mba hitohy,
'Zany fifaliana izany.
Na ho lava na ho fohy,
Ny andro ianako eto an-tany
Mba omeo ahy ny hery,
Sy ny toky avy Aminao.
Fa raha izany izaho irery,
Tsy hahatontosa izay atao

***Isan'andininy***
Fa na talenta na fahaizana na saina
Sy izay rehetra nentiko ho ampiasaina
Dia voninahitra (2)
Na dia toa kilalao.
Fa tsy misy na iray aza avy amiko
Fa Anao ireny no nindramiko.